

# Jésus Vivant en Marie

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information



Association Marie, *Reine des Coeurs*

No. 19, novembre 2019



ALTAMURA, ITALIE - IREO VOKATRY NY  
FIHAONANA ISAM-PARITRA

Edisiona vaovao ny « Œuvres »  
Nosoratan'i Louis-Marie Grignion de Montfort

**MISSIONNAIRES MONTFORTAINS**

Tél (+39) 06-30.50.203  
Fax (+39) 06 30.11.908

Viale dei Monfortani, 65,  
00135, Rome – ITALIE

[http://www.montfortian.info/amqah/  
recordium@gmail.com](http://www.montfortian.info/amqah/recordium@gmail.com)



# Table des matières

|  |    |
|--|----|
| Fanazavana Ara-baiboly: Lioka 21, 5-19 _____   | 3  |
| Spiritualité Montfortaine: Edisiona vaovao ny « Œuvres »<br>Nosoratan'i Louis-Marie Grignion de Montfort _____   | 6  |
| Spiritualité Montfortaine: Md Louis-Marie de Montfort, Momba ilay<br>Mpampianatra Ara-panahy _____   | 9  |
| Resaka nifanaovana tamin'i P Frédéric BOLUMBU, S.M.M:<br>«Fikambanana Marie Reine des Coeurs ao Congo ahitana lehilahy sy<br>vehivavy olon'ny finoana sy tompon'andraikitra» _____ | 15 |
| Ireo mpikambana ao amin'ny birao mpandrindra ny Fraternité<br>Marie Reine des Coeurs Lomé ao Togo _____  | 21 |
| Partage de Salvatore Scalese, SMM: Fanavaozana ny Fanokanan-<br>tena amin'i Jesoa eo am-pelan-tànan'i Maria, amin'ny fanomanana ny<br>Voady Voalohany _____                        | 22 |
| Nouvelles – ALTAMURA, BARI, Italie; BANDUNG, Indonésie;<br>TANANARIVE, Madagascar; PASSOS, Brésil _____  | 26 |
| Vavaka: RY MARIA VIRJINY MAMY INDRINDRA _____  | 38 |





**Fanazavana  
Ara-baiboly**

**Lioka 21,5-19**

de Pierrette MAIGNÉ

Fikorontanana sy fijaliana no  
hanambara ny andro hiavian'ny Tompo

Ary nisy nilaza ny tempoly ho voaravaka vato tsara sy fanatitra sarobidy, fa hoy i Jesoa hoe : « Ho avy ny andro handravàna ireo zavatra rehetra hitanareo ireo, ka tsy havela hisy vato mifanongoa eo izay tsy horavana. » Dia nanontany Azy izy ireo nanao hoe : « Ry Mpampianatra, rahoviana no ho tonga izany, ary inona no famantarana hahalalana fa efa akaiky izany ? » Ka hoy i Jesoa nanao hoe : « Tandremo sao ho voafitaka ianareo, fa maro no ho avy hisandoka ny anarako hanao hoe : « Izaho no izy », ary « efa akaiky ny andro », ka aza manaraka azy. Ary raha mandre ady sy fikomiana ianareo, aza taitra : fa tsy maintsy ho tonga aloha izany, nefa tsy mbola ho tonga miaraka amin'izay akory ny farany. » Dia hoy i Jesoa tamin'izy ireo : « Hisy firenena hitsangana hiady amin'ny firenena, sy fanjakana hiady amin'ny fanjakana ; hisy horohoron-tany mafy sy areti-mandringana ary mosary amin'ny tany samihafa ; avy eny an-danitra koa dia hisy zava-mahatahotra sy famantarana lehibe.



Fa alohan'izany rehetra izany ianareo dia hosamborina, hoenjehina, hoentina any amin'ny sinagôga sy an-tranomaizina, ary hatolotra amin'ny mpanjaka sy mpanapaka noho ny anarako. Izany no ho tonga aminareo, dia mba ho vavolombeloko ianareo. Koa alatsaho ao am-ponareo ny mba tsy hihevitra mialoha izay havalinareo akory ; fa izaho ihany no hanome vava anareo, sy fahendrena tsy ho azon'ny fahavalonareo toherina na lavina velively. Na ny ray aman-dreny sy ny mpiray tampo aminareo aza, mbamin'ny havana aman-tsakaizanareo dia hanolotra anareo koa, ka hovooiny ny maro aminareo ; ary ho halan'ny olona rehetra ianareo noho ny anarako, nefa tsy hisy ho very na dia singam-bolo iray amin'ny lohanareo aza. Ny faharetanareo no hamonjenareo ny tenanareo.



Amin'izao fiafaran'ny taona litorjika izao ny Fiangonana dia manolotra antsika ny resaka nataon'i Jesoa amin'ny endrika « apôkalipsa » izay mety hanakorontana kely antsika. Ny Apôkalipsa matetika dia raisina toy ny filazàna loza kanefa izy raha ny marina dia milaza « fanambaràna ».

Tonga hanambàra inona amintsika àry izany ny Tompo? Ho avy ny andro handravàna ireo zavatra rehetra hitanareo ireo, ka tsy havela hisy vato mifanongoa eo izay tsy horavàna.

Mandalo izao tontolo misy antsika izao, mety maty ireo firenena, izay nahorin'ny olombelona na izay matanjaka indrindra aza dia tsy maharitra : zavatra azo tsapain-tànana avokoa ireo, fa ny zava-dehibe dia miaraka amintsika mandrakariva Andriamanitra. Raha toa ka ao amin'ireo zavatra mandalo izay voahozona ho faty sy ireo fahendrena diso ireo no hametrahantsika ny fitokiantsika dia mety hiaina ao anatin'ny tahotra isika ; fa raha toa ka ao amin'Andriamanitra no hametrahantsika izany dia tsy hisy hampiahiahy antsika. Hatramin'ny nahatongavan'i Jesoa, ny toerana fitoeran'Andriamanitra dia tsy ilay Tempoly voaravaka vato intsony fa Izy Andriamanitra mihitsy no Tempoly izay hitoeran'ny fahafenoan'ny masina : ny Teny tonga nofo ary Izy niara-nonina tamintsika.

Rahoviana no ho tonga izany ? Fanontaniana izay ao ampon'ny olombelon'ny vaninandro mandalo rehetra ; sahala amin'ireo apôstoly dia mba maniry hahalala koa isika, ary maro ireo mpaminany sandoka izay tsy hitsahatra ny hilalao ny tebitebin'ny olombelona amin'ny alàlan'ny fanambàrana loza lehibe sy fahatongavan'ny faran'ny andro. Aza manaraka azy hoy i Jesoa amintsika, tandremo sao ho voafitaka.

**« Ne craignez rien et dormez en sûreté sur son sein paternel »**





Aza matahotra : n'anon'ina hitranga dia eo antan'Andriamanitra isika ary amin'ny fahatokisana mafy orina azy no hanasàna antsika ao amin'ny andavanandrom-piainantsika. Ny kristianina dia mahafantatra fa tsy misy afaka hahasaraka aminy amin'ny Fitiavan'Andriamanitra (cf. Rm8, 35-39).

Hoenjehina ianareo : tsy ambony noho ny mpampianatra ny mpianatra ; ny maha kristianina, ny fanarahan-dia an'i Jesoa sy ny fiainana ny Evanjely dia mifanohitra amin'ireo fahendren'izao tontolo izao matetika, ary mametraka amin'ny toerana fankahalain'ny olona, amin'ny fanakianana isan-karazany, hatrany amin'ny fanenjehana mihitsy aza. Ny maha mpianatra dia ny fandraisana ny làlana mankany amin'ny Pakan'i Jesoa, dia ilay làlan'ny fahafatesana sy ny fitsanganan-ko velona.

Fa aoka isika hitàna ny làlana efa noraisintsika, tsy ho kivy fa efa miasa ao amin'ny tontolo misy antsika Andriamanitra ankehitriny.


Amin'io làlana io dia tsy irery isika, i Kristy no vato fehizoro, ary teo ambonin'izany vato izany no nanorenany antsika, ny Fanahy Masina no herintsika sy mpiaro antsika.

Noho izany, mikeleza aina isika amin'ny fanarahan-dia an'i Jesoa, ary mirosoa hatrany; angataho izany fahasoavana izany amin'ny fanelanelanan'ny Virjiny Masina « renin'ny fahasoavan'Andriamanitra » izay hotsarovantsika fianakaviambe monfortana ny asabotsy 16 novambra ho avy izao amin'ity taona ity.

Amin'io fotoana io dia afaka vakiansika amin'ireo mpiaradia ny taratasy « aux associés de la Compagnie de Marie » N° 1-14 izay nosoratan'i Masindahy Louis-Marie (« Œuvres Complètes » p. 715-717) : « aza matahotra ary matoria am-pilaminana eo an-tratran'ny rainareo. »



Spiritualité  
Montfortaine



## Opere

### **Scritti spirituali;**

Traduzione, introduzioni e note:  
Efrem Assolari,  
Battista Cortinovis,  
Corrado Maggioni,  
Alfio Mandelli,  
Luciano Nembrini;  
Provincia Italiana Missionari  
Monfortani; Ancora Editrice;  
Milano; 2019; 748 pp.

**T**amin'ny volana septambra 2019 dia nivoaka tamin'ny teny italiana ny edisiona vaovao ny boky « Œuvres » nosoratan'i Masindahy Louis-Marie Grignion de Montfort, izay mirakitra ireo asasotr'i Montfort rehetra. Ny mampiavaka manokana ity edisiona indray mitoraka ity dia ny fitsinjarana ireo asasotr'i Montfort tamin'ny fizarana telo lehibe izay haseho antsika manaraka eto ny ambangovangony.



## **PARTIE I L'ÉCRIVAIN SPIRITUEL**

L'AMOUR DE LA SAGESSE ÉTERNELLE  
TRAITÉ DE LA VRAIE DEVOTION A LA SAINTE VIERGE  
LE SECRET DE MARIE  
LETTRE CIRCULAIRE AUX AMIS DE LA CROIX  
LE SECRET ADMIRABLE DU TRÈS SAINT ROSAIRE POUR SE CON  
VERTIR ET SE SAUVER  
Supplément - METHODES POUR RÉCITER LE ROSAIRE



## **PARTIE II LE MISSIONNAIRE**

LETTRES  
LETTRE CIRCULAIRE AUX HABITANTS DE MONTBERNAGE  
LE CONTRACT D'ALLIANCE AVEC DIEU  
LA PETITE COURONNE DE LA SAINTE VIERGE  
PRÉDICATION (textes choisis du Livre des Sermons)  
RÈGLEMENT DE PENITENTS BLANCS  
RÈGLEMENT DES QUARANTE-QUATRE VIERGES  
LE SAINT PÈLERINAGE DE NOTRE-DAME DE SAUMUR  
RÈGLES DE LA PAUVRETE VOLONTAIRE DE LA PRIMITIVE ÉGLISE  
DISPOSITIONS POUR BIEN MOURIR

### **PARTIE III**

#### **LE FONDATEUR**

PRIÈRE EMBRASÉE MEMENTO...

RÈGLES DES PRÊTRES MISSIONNAIRES DE LA COMPAGNIE DE MARIE

AUX ASSOCIÉS DE LA COMPAGNIE DE MARIE

LA CROIX DE LA SAGESSE DE POITIERS

RÈGLE PRIMITIVE DE LA SAGESSE

MAXIMES ET LEÇONS DE LA DIVINE SAGESSE

PRIÈRES DU MATIN ET DU SOIR

QUATRE ABRÉGÉS DE MÉDITATIONS SUR LA VIE RELIGIEUSE

LE TESTAMENT DE LOUIS-MARIE DE MONTFORT GRIGNION

« Il s'agit ici non seulement de la doctrine de la foi, mais aussi de la vie de la foi et donc de l'authentique «spiritualité mariale», vue à la lumière de la Tradition et spécialement de la spiritualité à laquelle nous exhorte le Concile. En outre, la spiritualité mariale, non moins que la dévotion correspondante, trouve une source très riche dans l'expérience historique des personnes et des diverses communautés chrétiennes qui vivent parmi les peuples et les nations sur l'ensemble de la terre. J'aime à ce propos évoquer, parmi de nombreux témoins et maîtres de cette spiritualité, la figure de **saint Louis-Marie Grignion de Montfort** qui proposait aux chrétiens la consécration au Christ par les mains de Marie comme moyen efficace de vivre fidèlement les promesses du baptême. Je constate avec plaisir que notre époque actuelle n'est pas dépourvue de nouvelles manifestations de cette spiritualité et de cette dévotion.»

(Jean-Paul II, RM 48)





## Md Louis-Marie de Montfort: Momba ilay Mpampianatra Ara-panahy

Ireo asasoratra mirakitra fiainam-panahy nosoratan'ilay Apostolin'i Jesoa ao amin'i Maria dia navoaka tamin'ny edisiona vaovao. Ilay « teolojianina avo lenta » ho an'ny « endrika marialy » n'ny Fiangonana – Ilay mpanoratra, ilay misionera, ilay mpanorina.

### Nosoratan'i Battista Cortinovis



Ilay rakitsoratra « Œuvres » nosoratan'i masinday Louis-Marie de Montfort, edisiona vaovao, izay nokarakarain'ny kongregasiona naoriny, ny « Compagnie de Marie », ary natontan'ny Ed. Ancora, dia efa hita eny amin'ny fivarotam-boky, raha vao vita printy. Mirakitra ireo asasoratra mifono fanabeazana ara-panahy izy ity, anisan'izany ireo tsy dia fantadaza ; ny Tononkira na ny « Cantiques » ihany no tsy voarakitra ao anatin'ny fa natonta manokana noho ny hamaroany.

Ny raki-tsoratr'i Mompera De Montfort izay fantatra eran'izao tontolo izao dia ilay Tena Fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria. Ny Tsiambaratelon'i Maria, famintinana ilay etsy aloha dia fantadaza koa noho ny fahatsorany sy fahafohizany. Ireo asasoratra roa ireo dia voadika amin'ny teny efa am-polony karazany ary niparitaka efa ho 200 taona izao; ireto asa izay manana foto-kevitra marialy ireto dia nanampy nampahafantatra an'i Mompera de Montfort toy ny mpanaja fatratra an'ny Virjiny Masina. Sarotra kokoa mantsy ny mahita ireto asasorany hafa, na dia manan-danja aza, izay mirakitra ny fitiavana amam-panajàna an'i Masina Maria eo amin'ny lafiny trinitera sy kristolojika ary eklezialy araka ny teolojia, amin'ny lafiny iray ; ary izay maneho ilay fietanam-pitiavana apostolika sy ny fahaizamaminanin'ilay mpanoratra azy, izay mpampianatra ara-panahy lehibe amin'izao vanim-potoana iainantsika izao sy ho an'ny hoavin'ny Fiangonana, amin'ny lafiny iray.

Hatreo amin'ny Konsily Vatikana II dia fantatra anisan'ireo pretra i Montfort satria natolotra toy ny mpanoratra ara-panahy amin'ny fiofanana any amin'ireo seminera sy novisia. Eo amin'ny lahika kosa dia nisy ireo vondrona manam-pahaizana manokana, toy ny Legio Mariae, izay nahalala sy nanaparitaka ny fampianarany ara-panahy. Eo amin'ny sehatry ny fampianarana ambony dia voatonona amin'ny resaka mariolojia i Montfort ao amin'ireny fikarohan-kevitra ireny indraindray, toy ny fampimbonana an'izao tontolo izao ataon'i Maria.

Ny fampianarana marialy ao amin'ny Chapitre III ny Lumen Gentium no nahitana ny tena lanjan'ny fihevitra ara-teolojikan'i Montfort. Izay voarakitra ao amin'io antontaratasy io dia mifototra indrindra amin'ny faminanian'ny mpanoratra ny Tena Fitiavana sy fanajàna an'i Masina Maria. Ary ny taorian'ny konsily dia namelabetra ny vokatra mivantana mariolojika sy eklezialy ary apostolika, ara-pampianarana sy ireo fanazarana amin'ny vavaka sy fandinihana ary fampijaliana ara-panahy.

Ary indro ny fisehoana lehiben'ny papa Jean-Paul II, miaraka amin'ny ohatra sy fampianarana nomeny, mba hanome fahefana ny fampianarana ara-panahin'i Montfort. Toy ny mpampianatra ara-panahy marina sy « teolojianina mendrika » no nanolorany azy, hatramin'ny faniriany hanambara azy ho Mpampianatry ny Fiangonana. Ny « totus tuus ! » eo amin'ny sary famantarana manokana amin'ny maha papa azy, izay mamintina ny aim-panahy monfortana, dia nanjary famantarana manokana koa ny fiainana anaty nananan'ny papa ary nanambara làlam-panahy izay natolotra mba hiainan'ny Fiangonana manontolo. Raha toa ka tsy tanteraka izany fikasàn'i Jean-Paul II hanambara an'i Montfort ho mpampianatry ny Fiangonana izany, dia nanoratra tamin'ny taratasy ofisialy kosa izy fa ny fampianarana monfortana, « raha naverina nodinihina sy nohazavaina tao amin'ny Konsily, dia mitàna ny heriny lehibe amin'ny famelomana ny fiainam-panahy ».








Ankehitriny isika dia afaka miresaka malalaka tsara an'ireo fampianaran'ny masindahy Louis-Marie de Monfort amin'ny fomba fijery rehetra. Ny endrika misionera hamantaran'ny rehetra azy, vavolombelona resy lahatra amin'ny Evanjely, ny fahaizany mifandray, mpamorina ireo famantarana sy simboly ara-pinoana, mpitori-teny sy mpanoratra amin'ny fomba miavaka mahay manapaka, mavitrika sy manana ny maha-izy azy, ankehitriny dia mbola mamolavola ao am-pon'ireo mpamaky ny asasorany ny fitiavana niainany ary namindra izany tamin-kafanampo. Tsy mba lava ireo asasorany, ary maro no tsy tontosany hatramin'ny farany, kanefa izy ireo dia maneho avokoa ny hery anaty nananan'ny mpanoratra ary nampiasaina ho modely ho an'izay apôstoly mitory ny Evanjely.

Ny mamaritra ireo fampianarany dia voasoritra avy amin'ny manodidina ny trinite, izay banjinina ao amin'ny fizotry ny tantaram-pamonjena, miaraka amin'ny ivon'ny misterin'ny fahatongavan'ny Teny ho nofo tao amin'i Maria sy ny fitohizany ao amin'ny mistery sy fotoanan'ny Fiangonana. Ny fametrahana an'i Kristy ho ivon'ny zava-drehetra eto dia nohamafisina hatrany : i Jesoa-Kristy no fiafaran'ny fitiavana amam-panajana rehetra, Izy no Fahendrena tonga nofo, ny nijaliany sy ny lakroa nasandrany, ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao. Ny lafiny mitondra rivo-baovao dia miseho amin'ny endriny miavaka raha oharina amin'ireo mpanoratra rehetra tamin'ny androny sy ireo taon-jato nanaraka, hatramin'ny Vatikana II. Ny endrik'i Maria sy ny andraikitra noraisiny tao amin'ny tantaram-pamonjena dia ny Soratra masina no nanazava azy, ary tokana ihany no tanjon'ny fitiavana sy fanajàna azy : ny fanatanterahana amin'ny fomba marina sy lavorary ny niantsoana antsika tamin'ny batemy, toy ny adidy sy voninahitra ho an'ny mpino tsirairay voaantso ho amin'ny fahamasinana : lahika, mpanokan-tena, vavy, lahy, amin'ny sehatra rehetra.

Manaraka izany, ny fampianarana momba ny Fiangonana entin'i Montfort dia manana ny maha-dehibe azy, amin'ny lanjany ara-paminaniana, izay mbola azo ivelamparana ny fanehoana azy. Raha toa ka afaka niresaka momba ny « endrika marialy » ananan' ny Fiangonana i Jean-Paul II dia satria i Maria .... « dia mamondrona sy ahitana taratra ao aminy, amin'ny fomba hafa, ireo fangatahana avo indrindra takian'ny finoana » (LG 65).




Manazava ny misterin'ny Fiangonana ao amin'ny lafiny rehetra i Montfort amin'ny alàlan'ny fahatsapàna sy fampahafantarana ny fisiany sy ny asan'i Maria : izy izay manambara, izay miantso ho amin'ny fivoriana, izay mankalaza ireo sakramenta, izay manompo am-pitiavana, izay mandeha mankany amin'ny fahafenoan'ny fanjakan'Andriamanitra.

Ity endrika farany izay maneho ny fiafaran'ny olombelona sy izao tontolo izao ity, rehefa nohazavain'ny teolojia ankehitriny, dia azo voatsindry manokana araka ny voasoratra ao amin'ny Chapitre VII ny Lumen Gentium. Faminaniana, fahatanterahana sy fahalavorariana, ny fahatongavan'ny fanjakana, efa eo sy mbola tsy tonga... ny fientanan'ny Fanahy Masina, ny afo, ny rivotra, izay manavao ny zava-drehetra. Mampiasa ny voambolany manokana i Montfort : miresaka ny « andro farany » izy, dia ny an'ny Fiangonana, ny antsika, miaraka amin'ireo olomasina lehibe novolavolain'ny Fanahy Masina miombona amin'i Maria sy ao amin'i Maria, raha ka miharesy ny ratsy ary manakaiky ny Fanjakan'Andriamanitra. Misy ny nihevitra ho nahita taratra finoana faminaniana maharitra hatramin'ny arivo taona tao amin'ireo fomba fiteny ireo, kanefa ny finoana sy ny teolojian'i Montfort dia ireo an'ny Fiangonana, an'ny hoe « Avia ry Jesoa Tompo ! ».



Ny hafatra hafa izay nampitain'i Montfort tamin'ireo « société sécularisée » amin'izao vanim-potoana iainantsika izao, indrindra fa any Europe izay ahatsapàna fa ao amin'ny vondron'olom-bitsy sisa no ahitana fiainam-pinoana, raha toa ka mbola velona ihany izy, ary ko izay ahatsapàna fa nanjavona avokoa ireo fifanarahana eo amin'ny lafiny ara-moraly, dia fitadiavana haingana fomba





fanambarana amin'ny endriny vaovao ny Evanjely. Nanao izany izy tamin'ny androny ary tao amin'ny tontolo nisy azy dia nomeny ny toerana voalohany hatrany. Ary namela ho antsika lahatsoratra maro nentanim-panahy sy nampandinika izy mba hanorina « apostolin'ny andro farany », izay handeha hatraiza hatraiza « ho toy ny samboaravoaran-drahona ka tsioka malefaky ny Fanahy Masina dia ampy hampiendaka azy amin'ny zava-drehetra...amin'ny Tenin'Andriamanitra toy ny sabatra roa lela...izy ireo no tena mpianatr'i Jesoa Kristy marina hanara-dia Azy amin'ny fahantrany amam-panetrehantenany...hoentin'izy ireo eo an-tsorony ny fanevan'ny Hazofijaliana mihosin-drà, eo an-tànany havanana ny sarin'i Jesoa Kristy mifantsika, eo an-tànany havia ny sapile, ao am-pony ny anara-masin'i Jesoa sy Maria ». (VD 57-59).

I Montfort no ilay apostoly sy misionera, izay manolotra ankehitriny amin'ireo lahika sy relijiozy, lahy sy vavy, ny maha voalohan-daharana ny fitoriana ny Evanjely « mba hanavaozana ny endriky ny tany sy mba hitondràna rivo-baovao ao amin'ny Fiangonana » (PE, 17).

Noho izany, ny mihevitra an'i masindahy Louis-Marie de Montfort toy ny « mpanaja fatratra ny Virjiny » ihany dia tsy mahalala azy. Ilaina noho izany ny mampivelatra ny boky vakiana sy fahalalàna ireo asasoratra ambony lavitra noho ireo lahatsoratra momba an'i Maria malaza.

Ity edisiona vaovao ny Œuvres ity dia manolotra ireo asasoratr'i Montfort rehetra izay nahitsy ho amin'ny fandikana azy, nohavaozina ho an'ireo teny fampidirana isan-karazany, sy teny fanolorana, ary naoty sy fanampim-panazavana. Ireo Misionera monfortana dia nihevitra hanolotra « édition autorisée », manoloana ireo fametsifetsena sy fanadisoana ny fihevitri Montfort manokana, toy ireo matetika heno sy voasoratra etsy sy eroa. Noho izany, ireo dikan-teny ireo dia manome vahana kokoa ny fanehoana ara-keviny ny teny, mifanaraka sy miaraka amin'ny famehezana tsara ny teny italianina. Ambonin'izany, araka ny toetran'ny halebeazany izay tsy sahala amin'ireo edisiona nisaratsaraka an'ireo asasoratr'i Montfort, dia nirianay ny nanakaiky kokoa ireo soratanany mbola tsy nadika, ohatra amin'ny fitazomana ireo lahatsoratra amin'ny teny latinina, izay voadika avy hatrany ery ambanin'ny pejy. Toy izany koa ireo andininy avy anaty Baiboly izay voasoratra ao amin'ny naoty ihany sy voadika araka ny edisiona 2008 navoakan'ny « Conférence Episcopale Italienne » (CEI).

Ao amin'ny fizarana voalohan'ny boky no nametrahana ireo asasoratra lehibe an'i Montfort amin'ny maha « mpanoratra ara-panahy » azy, ireo izay fantatry ny besinimaro kokoa sy manintona kokoa noho ny aim-panahy miavaka manokana fonosiny. Ao amin'ny fizarana faharoa kosa, Montfort « misionera » dia atolotra, miaraka amin'ny toetrany manatantara, ireo fomba fiasany sy ny fomba fitoriany teny, avy amin'ireo asasorany apostolika. Ny fizarana fahatelo, izay manaitra kokoa noho ny fivelarany sy ny mampiavaka azy manokana, dia ny momba an'i Montfort « mpanorina », miaraka amin'ireo lahatsoratra mirakitra ny nanorenany ireo Kongregasiona.

Ny teny fampidirana lehibe ao amin'ny Œuvres, izay ilaina mba hanolorana amin'izay mamaky azy voalohany ny momba an'i Montfort amin'ny ankapobeny sy ny fampianarany ara-panahy, dia hialohavan'ny Taratasy nosoratan'ny papa Jean-Paul II ho an'ireo relijiozy lahy sy vavy ao amin'ny Fianakaviana monfortana ny 08 desambra 2003, eo am-panombohana ity rakisoratra ity ; izany dia ny fanekena marina sy tamin'ny fomba ofisialy indrindra ny lanja ara-toelojika sy ara-panahy ny fampianaran'i Masindahy Louis-Marie de Montfort ao amin'ny Fiangonana ankehitriny.

**Ity fanambarana nataon'ny Mompera Battista ity hivoaka ao amin'ny boky « Vita Consacrata », Ed. Ancora, amin'ny volana janoary 2020.**







## Entretien

«Fikambanana Marie Reine des Coeurs ao Congo ahitana lehilahy sy vehivavy olon'ny finoana sy tompon'andraikitra»



Resaka nifanaovana tamin'i P Frédéric BOLUMBU, S.M.M

Ho arahintsika ny resaka nifanaovana tamin'i **Mopera Frederic BOLUMBU WANGELA MBOKOLO, SMM**, tale nasionaly misahana ny ara-panahy ny Fikambanana Association Marie Reine des Coeurs (AMRdC) ao Repoblika Demokratika an i Congo, mopera tompon-paritra ao amin'ny Paroasy MD Paoly Apostoly Kibibi, mpanolon-tsaina ny Délégation, mpikambanao amin'ny Commission Mission de Marie ao amin'ny fikambanana Compagnie de Marie.

**Nanomboka ny Fikambanana AMRdC tao Kisangani ianao tany amin'ny faran'ny taona 2017. Manao ahoana ny fivoaran'ny Fikambanana amin'izao ?**

Misaotra betsaka Mopera Arnold nanome ahy sehatra afahana mampafantatra ny Fikambanana l'Association Marie Reine des Coeurs izay miaina eto Congo Demokratika. Tao aorinan'ny fihaonantsika tamin'ny Formation Internationale Montfortaine (FIM) tao France ny volana Novambra 2017 no nanombohako namory ny sasany amin'ireo nanolon-tena an-tsitra po afahana manomboka ny Fikambanana Association Marie Reine des Coeurs eto RD Congo. Betsaka amin'izy ireo no efa mpikambana ao amin'ny vondrona mpivavaka izay efa sahaniko ao amin'ny Groupe des Pélérins de l'Espérance. Izay namaly an-kitsy po ny antso nataoko azy ireo, nanomboka ny Fikambanana eto Congo izahay. Fikambanana mpivavaka miaina ny finoana hanaraka an'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria. Tamin'ny 08 Desambra 2017, no nanomboka ny fampiofanana ny lahika. Tsara marihana fa tamin'ny fiafaran'ny fiofanana tamin'ny volan'ny Montfortanina, tamin'ireo mpiofana 38 izay nanaraka ny fiofanana, 32 no nanao ny fanoloran-tena montfortanina amin'i Jesoa Kristy, Fahendrena Mandrakizay , tonga nofo , amin'ny alalan'ny tanan'i Maria, hatramin'ny 08 Desambra 2018.

Ankehitriny, mitohy aloha ny fiofanana ho an'ireo lahika vita fanoloran-tena, avy ireo tara tsy mbola nahavita ny fanoloran-tena ary farany ireo mpikambana vaovao vao tonga hanatevina ny Fikambanana. Mety hisy amin'ity tarika ity ny hanavao ny fanoloran-tenany, ny sasany hanao ny fanoloran-tena ny 25 Martsa 2019 hankalazana ny Filazanany fahatongavana ho nofo.

Efa ho iray volana izay no miara miasa amiko **Frera Jean-Louis WENZA** toy ny talé lefitra, ao amin'ny fampiofanana ireo lahika. Fa teo alohan'i Frera Jean-Louis, efa niara niasa tamiko **Mopera Jean-Claude MBINZA** sy **mopera Constantin ATALIPA** izay nandray anjara hatrany tamin'ny fampiofanana ny lahika antsika.



Araka ny voalazako teny am-piandohana, ny fikambanana Association Marie Reine des Coeurs hahitana mpikambana lehilahy sy vehivavy tena miaina ny finoany sy tompon'andraikitra. **Manana ekipa mpandrindra tantanan'i Atoa Jean-Marie LIESE ( Mpandrindra), Rtoa Joséphine MUBIHILA BAUMA (Mpandrindra lefitra), Atoa Léon LONGANGE sy Rtoa Edith BADJONOTO ( Mpitan-bola) ary Atoa Crispin KANTAR sy hafa (mpanolon-tsaina).**

Efa mipetraka tsara ny rafitra isan-karazany ao antin'ny Fikambanana Marie Reine des Coeurs izay ho aseho anareo miandalana eto amin'ny manaraka. Tiako ny marihana eto fa misy ireo olona izay nosafidiana manokana ho "IVO" mba hampirindra ny fifandraisana sy ny firaisan-kina eo amin'ny samy mpikambana.

***Tamin'ny volana May lasa teo, raha tsy diso aho dia nikarakara "mission populaire" ianao sy ny associé niaraka taminao, afaka resahinao ve ny mahakasika an'izay?***

Marina tokoa izany, ny 15 hatramin'ny 18 May lasa teo, nandritra ny efa-andro ireo mpikambana associés, niaraka tamin'ireo misionera Montfortanina sy ny tanora, tao amin'ny Trano fiofanana Montfortanina, no nikarakaranay "mission populaire" izay nakana ny lohahevitra hoe "**Maria, no lalana fohy sy tonga lafatra**", ny tanjona dia hizarana amin'ireo kristianina tao Kisangani ny aim-panahy montfortanina. Nizara no zana-kevitra 5 izany.

- a- Maria tao anatin'ny fandaharan 'Andriamanitra (Mopera Frédéric BOLUMBU, smm)
- b- Maria Tompovavy ao amin'ny maha apostoly ny kristianina ( Atoa Augustin KAYA, Lahika smm )
- d- Maria Mpanalalana antsika (Fanasana tao Kanana sy Rebeka) (Diakra Aimé KAMANDA,smm)
- f- Raiso ho any amintsika Maria (Maria eo ampototry ny hazofijaliana) (Atoa Alexi BAUMA, Lahika smm)
- e- Zanaka lahy sy zanakavavin'i Maria, angalao tahaka ireo hatsaran-panahiny (Mopera Jean-Claude MBINZA, smm)



Ireo zana- kevitra ireo novelambelarin'ireo lahika sy pretra montfortanina. Nisy ny lamesa famaranana ny "Mission populaire". Izay nialohavana fitondrana ireo fanilo. Nahafinaritra ny fandraisana anjara afaka jerentsika amin'ny sary.

Ireo lahika no nanomana sy nikarakara ny fandaharana rehetra. Eo ampanombohana ny tontolo andro, misy ny fitanisana ny rozery ( izay tarihan'ny lahika), arahin'ny konfesy (pretra ) toriteny izay elanelana hira pivavahana.



***Inona avy ireo tetikasa na fandaharan-kasa ny Fikambanana ao Kisangani ho an'ny taona ho avy ?***

Ankoatra ireo tetikasa ho taona ho avy, mihaona matetika indroa isan-bolana ny associés: ny sabotsy faharoa sy fahatelo ny volana) Ny Sabotsy faharoa natokana ho an'ny fiofanana ary fahatelo natokana ho an'ny vavaka. Ity farany dia andro iray manontolo ho an'ny vavaka. Manomboka amin'ny 2 ora tolakandro ary nifarana amin'ny 6ora sy sasany hariva. Antsoina hoe "HERMITAGE".

Ireo tetikasa ho tanterahina amin'ny taona manaraka dia betsaka fa ho alefanay arak'izay laharan-pahamehana:


- a- Mandray anjara mavitrika amin'ireo asa misionera montfortanina
- b-Mba afahana manaparitaka ny vaovao mahafaly, mila zavamaneno maromaro
- d- Hampiditra tanora lahy sy vavy
- f-Mikarakara faran'ny herinandro misionera sy "mission populaire"
- j-Manampy ireo misionera montfortanina amin'ny rafitra sy fikarakarana ny andavanandrony arak'izay azo atao.





*Misy vaovao amin'izao. Ao Lomé, Togo, izay iavian'ny sasany amin'ireo mpiray fikambanana aminay, Frera Ignace izay vao avy namorona ekipa iray izay manana tanjona hampiroborobo ny Fikambanana Association Marie Reine des Cœurs, ao an-toerana.*

*Na dia voatendry ao RDC ary ianao , mino aho fa Togo koa anisan'ny faritra fehezinao (DGAF) satria misy mpiray fikambanana amintsika avy any . Ahoana no fahitanao io fivoarana io? Manana teny antina mankahery ny namaintsika ao Togo ve ianao?*





Marina tokoa izany, vaovao tena mahafaly ahy mihintsy, satria mbola miasa hatrany ny Fanhy Masina. Faniriako ny hiara-miasa amindry zareo na dia lavitra aza amin'ny alalan'ireo fitaovan-pifandraisana amin'izao vanin-potoana izao: mailaka, Whatsapp, ... Indray andro any mbola ho avy ny fotoana hamangianay azy ireo any Togo, tena anisan'ny tsara izany . Izay ilay fiasan'ny Fanahy Masina, tsy maty mihintsy. Amin'izao fotoana izao, miezaka hifampiresaka amin'i Frera Ignace mba hanome ahy vaovao misimisy koakoa mahakasika ny vondrona Marie Reine des Coeurs any Togo. Enga anie hitohy ny ezaka ataon-dry zareo ary hiezaka hanampy azy ireo izahay na lavitra aza. Maria virjiny anie hiara-dalana amintsika hatrany.



*Ankoatr'izay any Kinshasa, Diosezy I Kisantu, raha tsy diso aho, misy vondrona, efa nisy hatramin'izay, miaina ny aim-panahy I Mopera Montfort .Nisyy fotoana, nilaza tamiko fa efa nitsidika azy ireo ianao. Afaka zarainao ve ny tantaran'ny vondrona? Ahoana no fahitanao ny fametrahana ny fifandraisana amin'io vondrona io?*



Izay mihintsy, tena misy io vondrona io ao amin'ny Diosezy I Kisantu. Araka ny tantara, izay TATA ANDRE no namorona ny vondrona, efa namaky ireo boky nosoratan'i Montfort izy tany taloha tany. Izy niaina sy nizara ny aim-panahy montfortanina tamin'ireo olona nifanerasera aminy ao an-tanana. Araka ny fijoroana vavolombelona azo, tena olona nanana ny maha izy azy, to teny ary nanana fanajana makona an'i Maria.

Efa nitsidika intelo an'io vondrona associés Montfortanina I Kisantu aho. Ny voalohany, talohan'ny nanamasinana ahy ho pretra niaraka tamin'i **frera Cléophas LUBUTUKU, Gabrieliste**, izay nitory teny tao anaty fiatahana masina. Ny famagiako azy ireo faharoa, talohan'ny fanamasinana ahy hatrany, nanomana azy ireo nandritra ny telo andro aho tamin'ny fanavaozana ny fanoloran-tena izy ireo. Ary ny fahatelo, nasain'ny vondrona tao aorinan'ny fanamasinana ahy ho pretra hanao lamesa voalohany niaraka tamin'izy ireo. Tena nanetriketrika ny fandraisan'izy ireo ahy.

Iamin'izao, tena zava-dehibe ny fanarahina an'io vondrona io. Afaka atao tsara ny fiaraha miasa amin'izy ireo amin'ny alalan'ireo **frera montfortanina izay ao Kinshasa**. Mila manana fifandraisana amin'ireo vondrona lahika izay miaina ny aim-panahy montfortanina ao Kisantu. Mbola betsaka ny asa atao. Mila, sahy isika, araka ny voalazan'i Montfort izay, mba ahafahana manatanteraka asa lehibe ho an'Andriamanitra.

**Mopera Frédéric BOLUMBU, SMM**





Ireo mpikambana ao amin'ny birao mpandrindra ny  
Fraternité Marie Reine des Coeurs Lomé ao Togo



Avy eto ankavanana makany ankavia: BARANDAO Hubertine, **BATCHO Marcel (Mpandrindra)** ABENA Modestine, AKAKPO Modeste, LAWSON Laurentia, VODJOGBE Emeraude, AFANDONUGBO Maurice et MESSAN Véronique.

## Partage

### Fanavaozana ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa eo am-pelan-tànan'i Maria, amin'ny fanomanana ny Voady Voalohany

avy amin'i Salvatore Scalese, SMM

**T**eo amin'ny iray volana latsaka teo izay, ny 21 Septambra 2019, izaho sy Antonio ary Mario dia nanavao ny fanokanan-tenanay amin'i Jesoa Kristy eo am-pelan-tànan'i Maria tanatin'ny hafaliana ombam-pahasoavana, mba hirosoanay amin'ny Voady voalohany amin'ny maha-relijiozy anay ato amin'ny Fikambanana Compagnie de Marie. Tena mbola tadidiko tsara ny fandraisan'anjaran'ny ankohonam-piainana Santeramo tamin'io fotoana io izay tena nampihetsi-po tokoa.





Nanao ny fanokanan-tenako amin’I Jesoa tamin’ny alalan’I Maria aho, tokony ho efatra taona lasa izay, ny 14 Jona 2015, izay inoako fa iray amin’ireo andro tena manan-danja sy tena nahafinaritra ahy teo amin’ny fiainako izany. Fa mialohan’ny hanaovako ny voady voalohany, dia tsy maintsy nekeko fa ity fanavaozana ny fanokanan-tena amin’I Jesoa Kristy amin’ny alalan’I Maria ity dia misy dikany lalina sy manan-danja be. Mino marina aho fa ity fanokanan-tena ity dia fanomezana manokana avy amin’ny fahasoavana omen’ny Tompo ho antsika tsirairay avy sy ny Fiangonana. Masindahy Louis Marie de Montfort dia nanambara fa ity fanokanan-tena amin’I Jesoa eo am-pelan-tanan’I Maria ity no: “fanavaozana ny voady tonga lafatra indrindra sy fahatanterahana ny fampanantenana natao tamin’ny Batemy noraisina”(VD120). Ary ny 21 Septambra 2019 ihany koa no hazoko tsara ny maha-zava-dehibe sy mahamarina ireo voalazan’I Père de Montfort.



Tamin’ny Batemy noraisina dia fantatsika tsara fa tonga Zanak’Andriamanitra ny Kristiana tsirairay, zanaka malalan’ny Ray isika, ary nanomboka tamin’io fotoana io, dia tohanany isika, alofany ary omeny ny heriny, koa atokàny ho azy avokoa ary ny zavatra rehetra, Izy Ray izay manaiky antsika ho zanany satria Izy no nahary antsika tamin’ny Fahendreny. Tanatin’ity fanavaozana ny fanokanan-tena ity, dia tena tsapako fa fenon’ny fitiavan’Andriamanitra Ray aho, miaraka amin’ny fanatrehana manokan’I Masina Maria.

Rehefa mamaky ny rijanteny mandrafitra ity fanokanan-tena ity, izaho izay diso fantatra loatra amin'izy ity, ary tena haiko tsara fa tena sarotra tononina izy ity nohon'ny fahatsapana fa mitaky fanajana be, nefa nanana herim-po sy hafaliana aho nanonona azy satria fantatro izay itokiako. Toy ny zaza miana-mamindra izay sahirana amin'ny fanaovana dingana voalohany aho, na izany aza, ananany ny herim-po satria fantany fa misy Ray sy Reny mijery izy, izy ireo no miambina ny lalany, ary vonona handray ny tãnany raha vantany vao hitany fa mety hianjera ny zanany.

Nanaitra ahy ny tenin'ny Pretra iray nandritrin'ny fizàrana am-panahy amin'ny fanomanana ny Voady, izay nilaza tamiko an'ireto teny ireto tamin'ny fomba tsotra nandritran'ny fihainoany ny fifampizarana izay nataoko, manao hoe: "Rehefa te hanolotra fanomezana ho an'ny raintsika isika, nefa fantatsika fa tsy afaka hanome azy zavatra sarobidy isika, nohon'ny tsy fananana ny hoenti-manana. Fa avy eo dia ilay raim-pianakaviana indray no nanome ny ahafahana mahazo ilay fanomezana. Fantany tsara fa azy avokoa izay rehetra omentsika azy saingy hafaliana ho azy ny mahita ny zanany manolotra ho azy indray izay rehetra hazony. Dia toraka izay ihany koa ilay fanokanan-tena hataonareo afaka andro vitsivitsy...". Niaina ity fotoana fanokanan-tena ity aho tamin'ny fieritreretana ny hatsaran'ireo teny ireo ary nananako ny herim-po hilaza hoe Anao manontolo aho ry Maria ao amin'ny Tompo.





Raha atao hoe efa an'ny olona iray isika nefa tsy misy famandrihana akory, sarotra ny miaiky an'izany ankehitriny. Moa tsy ireo izay manolo-tena feno sy tanteraka ho an'ny Tompo amin'ny alalan'i Maria io ve no antsoin'i Montfort: dia ireo izay "andevon'ny fitiavana"? I Mompera lehibem-pikambanana Mario Belotti izay nitarika ny Sorona Masina tamin'io fotoana nanavaozako ny fanokanan-tena io, izaho izay andevon'ny fitiavana, dia nilaza hoe: "asehoy ny fiankinan-tena tanteraka, tsy misy famandrihana". Fihetsika fanehoam-pitiavana izy io. Tsy misy ny fihetsika avo kokoa na lehibe kokoa na lalina kokoa. Ary izany no iantsoantsika azy hoe fanandevozam-pitiavana. [...]. Izaho dia andevom-pitiavana. Ireo izay tia, izay miaina ny tena fitiavana marina dia tsy mba matahotra ny hilaza hoe: "tsapako fa andevom-pitiavana aho". Afaka mijoro vavolombelona aho fa ity lalana niantsoan'ny Tompo ahy ity dia mampiray ahy tanteraka Aminy. Izy tenany mihitsy, teo amin'ny Hazofijaliana, no nanankina tamiko ny Reniny Masina, talohan'ny nilazako hoe "eny". Saingy tiany hataoko io fihetsika io anaty fahafahana tanteraka sy feno fahatsorana.



«Izaho dia andevom-pitiavana. Ireo izay tia, izay miaina ny tena fitiavana marina dia tsy mba matahotra ny hilaza hoe: "tsapako fa andevom-pitiavana aho"»

Faranako amin'ny Salamo 130, izay mamehy izay rehetra nozaraiko nandritran'ny fandinihan-tena masina nataoko ity fifampizarana ity, izay manao hoe: **"Tompo ô, tsy manana fo mirehareha na manao fijery ambadika aho, tsy mikasa famolavolana lehibe aho, na hampisy fahagagana izay mihoatra ahy. Tsia, fa mitazona ny fanahiko ho mangina aho ary hangina, ny fanahy ato amiko izay toy ny zaza, tahaka ny zazakely manohitra ny reniny."**

## Nouvelles

## IREO VOKATRY NY FIHAONANA ISAM-PARITRA

**F**ifampizarana mifandraika tamin'ny fihaonambe nokarakarain'ny Fikambanana AMRC niaraka tamin'ireo misioniera monfortana izy ity, izay natao tamin'ny Alahady faha-16 ny volana jiona tao amin'ny SANCTUAIRE DU BON CHEMIN any Bari sy Italie. Ny lohahevitra tamin'izany dia hoe : I MARIA, ILAY TENA HAZO MITONDRA NY VOANKAZON'NY FIAINANA. Ireo nandray anjara tamin'ity fihaonambe isam-paritra ity dia: Manes Rosalba (Mpahay baiboly), I mompera Massimo Mancini, Angelo Sorti, SMM, Eugenio Perico, SMM ary Giovanni Personeni, SMM. Ny mpanao gazety SAFIRIA LECCESE ihany koa dia nitondra ny fijoroany ho vavolombelona.

de Anna Maria da Martina Franca

**“MARIA IL VERO ALBERO CHE PORTA IL FRUTTO DELLA VITA”**



MISSIONARI MONFORTANI  
e ASSOCIAZIONE  
MARIA REGINA DEI CUORI

SANTUARIO  
MADONNA DEL BUONCAMMINO  
ALTAMURA (BA)

**XIII Convegno Mariano  
Regionale  
16 GIUGNO 2019**

Programma della Giornata di Spiritualità  
alla scuola di San Luigi Maria di Montfort  
aperta a TUTTI  
presso il SALONE  
(Santuario della Madonna del BUONCAMMINO)

Ore 9,00 Accoglienza  
Preghiera delle Lodi  
Apertura di Padre Giovanni Personeni, smm  
Saluto di P. Giacomo Paris smm, Rettore del Santuario

Ore 10,00: Dall'albero della conoscenza del bene e del male all'albero della vita.  
"Al vincitore sarà dato di mangiare dell'albero della vita" (Ap 2,7).  
Rosalba Manes, Biblista

Ore 11,00: I frutti buoni della vera profezia e dello zelo apostolico  
"E gli uccelli del cielo vennero a fare il nido fra i suoi rami" (SM 78).  
Don Massimo Mancino

Ore 14,30: Adorazione Eucaristica  
Don Mimmo Maria Capone

Ore 15,30: L'albero di vita simbolo dell'incarnazione.  
"Solo Maria è l'albero di vita e Gesù ne è il frutto" (AES 204).  
P. Angelo Sorti, smm

TESTIMONIANZE

Ore 17,00: La Missione nella Chiesa con Maria  
"Uomini totalmente dedicati a te per amore e disponibili al tuo volere" (PI 8).  
P. Eugenio Perico, smm

Ore 18,30 CELEBRAZIONE EUCARISTICA  
Seguirà il rinnovo dell'Atto di Consacrazione a Gesù Cristo per le mani di Maria

LA GIORNALISTA, VOLTO AMATO DELLA TV  
**SAFIRIA LECCESE**  
 presenterà il libro:  
**LA STRADA DEI MIRACOLI**

Altamura c/o Santuario Madonna del Buoncammino  
Strada verso il Pulo - inizio ore 9.00  
Per iscrizioni e partecipazione gruppi

MISSIONARI MONFORTANI  
e ASSOCIAZIONE MARIA REGINA DEI CUORI

AVVISO SACRO

**ALTAMURA, BARI, Italie –**  
Amin'ny andro farany iainantsika dia hotsaraina amin'ny resaka fitiavana isika ... ary tsy maintsy hisaina ny hameno ny entantsika isika, saingy hameno azy amin'ny fitiavana farak'izay betsaka indrindra, ... dia ny fitiavan'i Kristy, izay mila avahana amin'ny fitiavana sy ny saritsarin'izao tontolo izao.



Araka ny tenin'i Jesoa dia " tsy maintsy miaina eo amin'izao tontolo izao isika saingy tsy anisan'izao tontolo izao ». Izany dia milaza indrindra ny hitondrana ny marina eo amin'izay mbola tsy misy azy, ary ny hivoahantsika amin'ny gadra izay iheverantsika fa azontsika atao ny miaro tena ao amin'ny tontolom-pahotana manodidina antsika. Ny Kristianina dia mitondra an'i Kristy sy ny marina any amin'izay mbola tsy mahalala Azy. Tsy maintsy tanterahina amim-pitokiana izany, saingy amin'ny herin'ny finoana; tsy miantehitra amin'ny herin'ny tenantsika fa amin'i Kristy irery ihany, izay maty ho antsika teo amin'ny Hazofijaliana ka namela ny helok'ireo namono azy sy nino marina ny hitsanganany ho velona. Tsy resaka tantara tsara fiafarana izany fa kosa fandresen'ny Fitiavan'I Kristy ny fahafatesana.



Ny fanokanan-tena dia manampy antsika amin'ny fahaiza-mandanjalanja amin'ny maha vavaka azy ; izany hoe iainana araka ny fahamarin'ny Evanjely eo ampanarahana ny lalana mankany amin'ireo hatsaram-panahin'i Maria, ilay lalana tokana mitondra any amin'I Kristy.



Ny fivoriana isan-taona mandritran'ny fihaonambe isam-paritra dia mampisaina antsika ny momba ireo fototrin'ny fanokan-tena. Izany dia mahatonga antsika hahatakatra fa ny fanokanan-tena dia tsy voasakatsakana fa mavitrika lalandava. Mitsangàna ry mpanokan-tena ary mirosoa tsy ankiandriandry, ka mitoria ny evanjely miaraka amin'ny herin'ny finoana tahaka an'I Maria izay nandeha faingana tany amin'ny rahavaviny entanin'ny fahasovan'Andriamanitra fa tsy ny ahiahin'izao tontolo izao.



I Maria, ilay tena hazo mitondra ny voankazon'ny fiainana, no ohatra arahina mba hamenoana ny entampitiavantsika; sy mba hampahafantarana amin'ny fanahy maro araka izay azo atao ny làlana mitondra mankany amin'I Kristy ary farany mba hiainana ny voninahitra tsy manam-pahatamperana sy ny fiderana an'Andriamanitra. Izany no tokony faniriana lehibe ho ao am-pon'ny vita batemy tsirairay avy.



Amin'ny faran'ireo laretirety ara-panahy ireo, aorian'ny katesizy, ny hira sy ny vavaka dia feno hafaliana ny fonsika ; toe-po mateza noho ny hasambaran'izao tontolo izao izany ary maharitra tahaka ny fanomezan'Andriamanitra. Azontsika tsara fa tsy afaka mitazona ny zavatra rehetra ho antsika isika fa tsy maintsy mizara izany amin'ny hafa , indrindra amin'ireo izay tena lavitra antsika. Azontsika koa fa ny tanjon'ny Fanokanan-tena dia ny mandeha mba hanao an'i Maria ho làlana ; izy ilay tena hazo mitondra ny voankazon'ny fiainana. ...Tsapantsika ao am-pontsika tsirairay avy ao ny faniriana hanohy ny fihaonana amin' I Kristy sy hampihaona azy amin'ireo namantsika, ireo tiantsika, ireo nanao ratsy antsika ary ireo nitondra ny fijaliantsika tany amin'ny lasa. Satria ny fanomezan'Andriamanitra dia tsy mitombo raha tsy zaraina amin'ireo rahalahintsika amin'ny endriny madio tsy misy fangarony tahaka ny nandraisantsika azy.

Maria dia manasa antsika amin'izao vanim-potoana ianantsika feno fahotana izao, mba hampitsahatra ny taraina ary hijoro vavolombelona amin'ny alalan'ny fiainantsika, ao anatin'ny vavaka sy ny halehiben'ny fahasovan'Andriamanitra fa i Maria dia eo anivontsika ary izy ilay hazon'ny fiainana mitondra antsika mankany amin'i Jesoa Kristy.



Marcelo Di Gesù

Ary isika ; isika ireo nanokan-tena, dia tsy mahazo manadino fa isika no voditongotrany sy tongotrany izay mandeha faingana tsy misy faharetany.



**INDONESIE: « Fiombonana anaty fahasamihafana »**

de Dola de SOL-ABAB

**B**ANDUNG, Indonésie - Ny Faritany Indonezianina misy ireo Misionera Montfortana dia nandray am-boninahitra an'i Mompera Luiz Augusto Stefani nanomboka ny 03 ka hatramin'ny 31 Aogositra 2019. Ity no fitsidihana voalohany nataony tany amin'ity firenena ity izay fantatra amin'ny hoe: "Fiombonana anaty fahasamihafana". I Mompera moa dia tsy Lehiben'ny Fikambanana Compagnie de Marie maneran-tany irery ihany fa Tale iraisam-pirenen'ny Fikambanana Association Marie Reine des Cœurs ihany koa.



Amin'ireo nosy maherin'ny 17 000, kely sy lehibe, misy mponina sy tsy misy, ireo Misionera Montfortana dia tsy miasa afa-tsy amin'ireo Nosy anankitelo ihany : Kalimantan (Borneo), Java sy Flores.

Isaky ny ankohonam-piainana na tanàna izay notsidihan'i Mompera, dia tonga nanatrika sy nandray anjara tamin-kafanam-po ny Mpikambana ao amin'ny Association Marie Reine des Cœurs sy ireo tanora Montfortana.





Amin'ireo toerana izay tsy mbola mijoro ny Fikambanana sy ny Tanora Montfortana, dia ny olona avy amin'ny Paroasy sy ny naman'ireo Montfortana no tonga nanatrika sy nandray anjara tamin'ny hetsika fandraisana tamin'ny fotoana nahatongavany teo an-toerana sy tamin'ny fotoana hiaingany indray ho any amin'ny tanàna sy toerana hafa.





Amin'ny ankapobeny, na taiza na taiza dia voahaja hatrany I Mompera Luizinho araka ireo fomba amam-panao any an-toerana rehefa mandray vahiny na hampiantrano olona manan-kaja. Nandritra ny fotoana nahatany an-toerana azy, ireo Misionera Montfortana, ny fangavana Montfortana, ireo mpikambana ao amin'ny Tanora Montfortana, ny olona avy amin'ny Paroasy, ny mpiara-miasa amin'ny Montfortana dia nanomana fivoriana nanaovana fifampizarana..



Mompera Luizinho ihany koa dia nanokana fotoana niresahana tamin'ireo rahalahiny izay efa vita voady farany ao amin'ny Fikambanana, tamin'ireo relijiozy mpianatra Teolojia, ireo novisy sy ireo miomana ho novisy, ireo fangavana Montfortana, ireo mpikambana anaty Fikambanana isan-karazany, sy ny olona avy amin'ny Paroasy. Nanao fivoriana kely ihany koa izy niaraka tamin'ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra isam-paritra izay miasa amin'ny Nosy iray. Tamin'ny farany dia niresaka manokana tamin'ireo mpikambana sasany tao amin'ny faritany izy.





Ity fitsidihana ity ho azy dia feno fifampizarana fa indrindra nahitany zava-baovao. Ho fanampin'izany rehetra izany, na taiza na taiza dia nanomana fialamboly takariva izahay ho marikin'ny fiombonam-po anaty firahalahiana taratry ny maha mpianakavy. Tamin'ny ankapobeny dia nofanana tamin'ny fiaraha-misakafo hatrany ireo korana takariva mahafinaritra ireo.





Ny hafanam-po sy ny fandraisana anjaran'ny Mpikambana ao amin'ny Association Marie Reine des Coeurs sy ny Tanora Montfortana nandritra ity fitsidihan'I Mompera Luiz ity dia nanamafy ny fifandraisana am-panahy amin'ny zareo samy zareo sy ireo Misionera Montfortana.

### **RAHA TSY EO NY FANGAVANA MONTFORTANA, TSY FENO NY SMM**

de Dola de SOL-ABAB

**TANANARIVE, Madagascar** - Fotoana fohy monja talohan'ny nahatongavan'i Papa François tany Madagascar, ny 06 Septambra, ireo rahalahy any amin'ny fari-piadidiana lefitra any Madagascar dia nanomana laretirety sy fivoriambe izay efa fanao isan-taona. I Mompera Félix sy Mompera Arnold izay Filankevitra jeneraly no nitarika ny laretirety sady nandray anjara tamin'ny fivoriambe fanao isan-taona. Teto Madagasikara izy ireo nanomboka ny 23 Aogositra hatramin'ny 02 Septambra 2019.





Tamin'io fotoana io, Mompera Félix sy Mompera Arnold dia nanana fotoana manokana nihaonana tamin'ireo mpikambana ao amin'ny Fangavana Montfortana Malagasy faritra Andraisoro, Antananarivo. Tamin'izany, ny mpandray anjara tsirairay dia nitantara ny fomba nidirany voalohany tato amin'ny Fikambanana sy hoe manao ahoana ny fivoarany ankehitriny. Mompera Félix dia nilazalaza ny asa sy ny fiainan'ny Fikambanana ato amin'ny Faritra Afrika miteny Anglisy. Raha I Mompera Arnold kosa no nilaza amin'ny ankapobeny ny fiainan'ny Fikambanana manerana izao tontolo izao.



Zavatra anankiroa no niverimberina tamin'ny fifanakalozan-kevitra: ny fiofanana ara-panahy Montfortana sy ny fandraisana anjara amin'ny iraka Montfortana, fitoriana ny fanjakan'I Jesoa ao amin'i Maria.

Nanambara I Mompera Félix tamin'io fotoana io fa raha tsy misy ny Fangavana Montfortana dia tsy feno ny Misionera Compagnie de Marie.



## GAMO sy ny fihaonana Kaontinantal Latino-Amerikana 2020

de Dola de SOL-ABAB

**PASSOS - Brésil** - Ny tapakin'ny Volana Septambra hatramin'ny tapakin'ny volana Oktobra 2019, I Mompera Luizinho no niala sasatra tany amin'ny tanindrazany tany Brésil, noho izany dia nanana fotoana izy nitsidihana ny tany Passos, izay misy ny Vondrona Amis de Montfort (GAMO).



Nandritran'ny fihaonana, izay natrehan'ny mpikambana ao amin'ny Vondrona GAMO, tanora sy olon-dehibe, dia nizara ny zavatra iainan'ny Lahika Montfortana manerana ny firenena maro izy sy ny asa fitoriana ataon'ny Fikambanana isam-bondrona amin'ny maha-Montfortana.





Ireo asa ireo dia iainana sy tanterahina eo amin'ny Paroasy misy ny tsirairay avy sy any amin'ny fiarahamonina. Fa indrindra, namporisika izy ny hifandraisana amin'ny olona sahirana, dia ireo izay miaina anaty fahantrana.

Tamin'ity indray mitoraka ity dia niresaka mahakasika ny fihaonambe Kaontinantaly Latino-Amerikana izy, izany dia hatao any Sao Paulo ny Jolay 2020.

## Vavaka

**RY MARIA VIRJINY MAMY INDRINDRA**

de Elli-Mac.



Voleo fiadanana ao am-ponay,  
Voleo fiadanana ao anaty fanahinay,  
Voleo fiadanana ao anaty eritreritray  
Voleo fiadanana ao amin'ny fiainanay,  
Amin'izay izahay , ho mendrika ny hatsaram-  
panahinao tsy lany fetra.

Tariho ny fonay,  
Tariho ny fanahinay,  
Tariho ny eritreritray  
Tariho ny fiainanay.  
Mba ahafahanay, manantona anao am-  
pilaminana amin'izay.

Sokafy ny fanahinay,  
Sokafy ny fonay,  
Sokafy ny eritreritray,  
Sokafy ny fiainanay  
Mba ho heniky ny Fitiavanao feno izahay  
Itaro aminay ny famindramponao lehibe loatra,  
Mba ho mendrika hiditra any amin'ny tany  
nampanantenaina  
Ary hitoetra ao mandrakizay.





## Adresse

### **MISSIONNAIRES MONTFORTAINS**

Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE

**Tel** (+39) 06-30.50.203

**Fax** (+39) 06 30.11.908

<http://www.montfortian.info/amqah/>